

#SOKAJY MPITARIKA NITONDRA FANOVANA

Ity sokajy ity dia natokana ho an'ireo mpitarika nitondra fanovana rehetra tafiditra anatin'ireto rafitra manaraka ireto (Fiarahamonim-pirenena, fikambanana eny anivon'ny fiangonana, rafitra ara-panjakana, kaominina, fikambanana tsy miankina, ireo mpisehatra amin'ny lafiny haino aman-jery, ireo mpandraharaha vao nisondrotra) i zay nanao asa miavaka ho fanatrarana ireo tanjona voarakitra ao anatin'ny Fenitry ny SADC momba ny Miralenta sy ny Fampandrosoana, aorian'ny taona 2015 sy ireo tanjon'ny fampandrosoana maharitra. Ny fisoratana anarana dia tsy maintsy mampiseho ireo fiovana nisy teo amin'ny fiainanao, ny fiarahamoninao ary ny firenenao, ary koa ny fomba itarihanao ny hafa ho lasa mpisehatra anatin'ny miralenta.

langaviana ianao hamaky tsara ity torolalana ity mialoha ny hamitanao ny fandraisanao anjara Fenoy mialoha ny mombamomba anao. Izany dia hahafahanao mameno ny ambin'ny fandraisana anjara amin'ny fotoana manaraka. Azonao atao ny mameno tsikelikely ny fandraisanao anjara amin'ny alalan'ny fanindrana ny teboka natokana ho amin'izany izay hitanao eo ambonin'ny pejy. Ho angatahina aminao ny adiresy mailaka ary ho alefa aminao ny rohy (lien) hahafahanao miverina eo amin'ny asa vitanao teo aloha.

Ny fizarana rehetra DIA TOKONY ho fenoina avokoa..
reo ahitana kintana mena (*) dia (*) tsy maintsy fenoina.

Rehefa mahita tsipika midina ianao dia tsindrio ahafahanao misafidy ilay safidy tena marina sy mifanaraka. Ampiasao ny OANDA na izay rohy nomena anao hamadihana ny vola malagasy ho Dolara.

Tena tsara raha ny olona hanolotra ny asa no mameno ny fandraisana anjara. Raha toa ka tsy ilay mpanolotra no mameno azy dia ny mombamomba ilay mpanolotra no hamenona ny fandraisana anjara.

Ny andraikitra, Fianarana natao, Taona, Lahy sa Vavy, Adiresy mailaka ary ny laharana finday dia tokony an'ny mpanolotra ny asa.

Tokony hisy ny porofo, ohatra drafitrasa, politika, sary, lahatsoratra an-gazety, horonan-tsary tamin'ny fahitalavitra, lahatsoratra fijoroana vavolombelona (taratasy na mailaka), entina hanamarinana ny asa vitanao. Tsy tokony hihoatra ny 50 MB nefa ny porofo ampidirinao. Afaka mampiditra porofo hatramin'ny 10 ianao..

Raha toa ka tsy voafenonao indray mandeha ny takelaka rehetra dia araho ireo torolalana manaraka ireto:

Safe and continue later function:

Aorian'ny fahavitanao ny pejy 1 (hivadika pejy 2) ahita ny soratra "Hitahiry sy hotohizana amin'ny manaraka " ianao.

Raha toa ka te hanamarina na hiverina amin'ny pejy tany aloha ianao, tsindrio io soratra io ary ampidiro ny adiresy mailaka.

Vantany vao tafiditra ny indroa ny adiresy mailaka anao, izay rehetra vitanao dia ho voatahiry ary hahazo rohy mampiditra anao any amin'ny pejy vitanao farany hatrany izany.

MOMBAMOMBA NY MPANDRAY ANJARA

Raha tsy ilay mpandray anjara no mameno azy ity dia ny mombamomba ilay tena mpitarika no fenoina eto.

1. Daty

05/26/2019

2. Anarana

Lanto

3. Fanampin'anarana

Jola Gilbert

4. Lahy/Vavy

Lahy

5. Andraikitra

Mpisehatra sy mpanelanelana amin'ny sehatry ny miralenta

6. Firenena

Madagascar

7. Faritany

Fianarantsoa

8. Firenena/ Faritra/ Fokontany

Madagascar/Vatovavy-Fitovinany/Mahela

9. Adiresy mailaka

jao.lahy@yahoo.fr

11. Laharana finday oh 00 27 82 622 2877

00261349618605

12. Salan-taona

41-50

13. Fianarana natao

Oniversite

14. Manana fahasembanana ve ianao?

Tsia

15. Karazana fikambanana

Fikambanana tsy miankina

16. Ianao ihany ve no nanendry ny tenanao?

Eny

FANOLORANA IREO FOMBA FIASA TSARA

17. FEHEZANTENY FOHY MAFONJA MAMINTINA NY FIAINAN'NY MPITARIKA

Manomeza fehezanteny fohy notsongainao tamin'ny fiainanao izay manasongadina ny fiovana nisy teo amin'ny fiainanao / Fiainan'ny mpitarika hatramin'ny nahatonga anao ho mpitarika mitondra fanovana momba ny miralenta

.

"IZAY TIA KAROKAROKA SY MANANA FINIAVANA AMIN'NY ZAVATRA ATAO NO AFAKA MIVOHATRA SY MAMPIVOHATRA NY MPIARA-BELONA AMINY".

18. Traikefa tsy hay adinoina indrindra eo amin'ny asa maha mpitarika (300 words)

Tantarao fohy ny fahatsiarovana tena nanamarika anao tamin'ny fanatanterahanao ny asanao (Mety tantara mampihomehy, mampalahelo na manohina) ka maneho ny fahavononanao amin'ny asa ataonao. Inona avy no hahafahana milaza fa mitondra fanovana ny asanao/asan'ilay mpitarika? Tokony hazava tsara ny fanazavana momba ny fiovana nisy.

Ny volana juillet 2018 dia nidina tany amin'ny kaominina ny Mahela, District ny Mananjary, Faritra Vatovavy Fitovinany izay ahitana mponina 17.651 sy velaran-tany 204 km² ary vorafitra ao anatin'ny fokontany 8 dia (Mahela chef lieu commune, Nosibe, Ambalahady, Ambodimanga, Anilavinany, Tanandava, Ambatosada ary Ampasimanjeva) ny tenako, nanatanteraka ny fanamafisam-pahalalana sy ny fitaizam-pahalalana an'ireo fikambanana izay miisa folo (10), ka ny efatra (4) tamin'ireo fikambanana ireo dia vehivavy avokoa no mpikambana ao anatin'ny, fa ny sisa kosa dia mifangaroao ny lehilahisy ny vehivavy. Ireo fikambanana notanisaiko ery ambony ireo dia marihiko etoana fa efa fikambanana natsangako tany amin'ny taona 2012 ny enina (6) fa ny efatra (4) kosa dia vokatry ny fihetsetsehan'ireo mpitarika izay nomeko fiofanana mahakasika ny fahaizamitarika tamin'izany fotoana izany. Tao anatin'ireo fikambanana natsangako ireo no nitarika sy nanetsiketsika ary nanitatra izany fikambanana (4) izany ary nanome azy ireo fiofanana tsotsotra talohan'ny namaliako ny fangatahin'ireo olona liam-pandrosoana ireo.

Fanamafisam-pahalalana sy fitaizam-pahalala avy hatrany no nomeko an'ireo fikambanana miisa folo ireo. Mahakasika indrindra ny fampianarana olo-dehibe sy ny fandrafetana drafi-pihariana ary ny fanaovana tahiry ifampindramana eo anivon'ny fiaraha-monina, fomba fandravonana disadisa, fomba famolavolana drafitr'asa sy fanaovana jery todika, fomba fandreseha-dahatra mpiray miombon'antoka, fomba fampiasana ny mahazava-dehibe ny teknolojia vaovao, Tamin'ny fotoana nadraisako azy ireo io indrindra no nanasongandinako ny tena maha-zava-dehibe ny miralenta sy ny fampandrosoana, ny voka-dratsy ateraky ny heritsetra. Lasa mandroso be ireo fikambanana ireo amin'zao fotoana izao satria dia efa miara-miasa amin'ny mpiaramiombon'antoka hafa mahakasika ny resaka rary. Miisa 60 ireo vehivavy mikambana amin'izany. Fa ny tena zava-dehibe tamiko tamin'ity fandraisan'anjara tamin'ny asa momban'ny miralenta sy ny fampandrosoana izay nivoiziko tany amin'ny kaominina Mahela ity dia: ny fifampiresahana sy ny fampahatongavan-tsaina ary ny fandresehan-dahatra mahakasika ireo vehivavy tokony afaka mandova izay notanterahiko tamin'ireo Raimpianakaviana sy renim-pianakaviana, mpivady, indrindra indrindra fa ny Ray aman-drenibe mifehy ny Tanana taminio toerana io.

19. Tantaram-pianan'ilay mpitarika (Teny 300)

Ny mombamomba ilay mpitarika: oviana, taiza no nanomboka ny asa, tamin'ny fomba ahoana no nahafantarany momba ny miralenta sy ny maha-zava-dehibe izany. Manomeza ohatra toy ny sary sy tantara fohifohy.

Nanomboka ny taona 2002 dia efa mpanentana sy mpitarika teo anivon'ny fiaraha-monina ny ny tenako ary fampianarana olon-dehibe "Alphabetisation fonctionnelles Intensive pour le developpement" no nanombohako izany asa fitarihana izany. Tamin'io fotoana io indrindra no tena nahatsapako fa ny vehivavy no tena lasibatra amin'ny tsy fahaiza-mamaky teny sy manoratra ary tena mizaka ny tsindry hazo lena ao an-tokantrano. Tena ady tamin'izany ny mandresy lahatra ireo lehilahy manana vady mianatra. Na dia teo aza izany dia resy lahatra ireo lehilahy ny amin'ny fanomezan-danja ny vehivavy. Noho ny fahitako ireo olana ireo tamin'izany fotoana izany indrindra no nampitsiry hevitra ahy fa tena hanome lanja ny vehivavy .

Tsy nionona tamin'io traik'efa io fotsiny ny tenako, noho ny fahitako ny zava-nisy, ka lasa nanamafy ny fahaiza-manao mba afahako manome lanja ny vehivavy eo anivon'ny fiaraha-monina. Ka tamin'ny resaka fomba fampitomboana ny vola miditra, fandrafetana drafy-pihariahana, fahasalaman'ny reny sy ny zaza, fikajiana ny tontolo iainana ary ny fandravonana ny disadisa no nanamafisako izany fahaiza-manaoko izany ary dia lasa tena nampalaza ahy nanerana ny faritra izay niasako izany fahaiza-manaoko izany. Izaho koa moa dia olona tena tia karokaroka ary tena nampirobobo ny toeram-piasako ilay fahaiza-manaoko ary dia lasa asa foto-pivelomako mihintsy io asa io taty aoriana.

Ny paik'ady nampiasaiko taty aorina, rehefa feno tanteraka ilay fahaiza-manaoko na ao anatin'ny tsy ao anatin'ny mombamomban'ny asa hataoko (therme de reference) dia:

Ampianariko mamaky teny sy manoratra ary mikajy, avy eo avondronako ho 15 ka hatramin'ny 25 olona dia omeko fiofanana momban'ny fampitomboana ny vola miditra amin'ny alalan'ny fanaovana tahiry ifampindramana ao anatin'ny mba hanamora ny fiatrehana amin'ny fasahiranana momban'ny fahasalamana, fampianarana ny zaza, fambolena sy fiompiana. Rehefa mihodina tsara io fanaovan'izy ireo ny tahiry io dia omena fiofanana sy paik'ady amin'ny fandrafetana drafy-phiariana (business plan) indray. Avy eo dia omena fiofanana sy fanamafisana ny fahaiza-manao maro isa-karazany izay mahaso ilay fikambanana (fandravonana disadisa, fitadiavana mpiara-miombon'antoka, fiainam-pikambanana..sns...

20. Tanjona (100 words)

Inona avy ireo tanjona napetrakao / Ity mpitarika tendrenao ity?

- Tsy hisian'ny tsindry hazo lena mianjady amin'ny zaza amam-behivavy.
- Fahaizana/fampianarana sy fahafehezana ny lalam-barotra.
- Fampitomboana ny vola miditra
- Faresehan-dahatra amin'ny fampiasana teknika nohatsaraina/manara-penitra (Fambolena, fiompina).
- Fampian'ny fomba fijery lavitra ihotra amin'ny fiainana.
- Fasahian'ny vahoaka maneo hevitra sy hanantona biraom-panjakana
- Fahasalaman'ny reny sy ny zaza ary ny daholobé.

21. Asa goavana natao (300 words)

Tantarao eto ireo asa nataonao: *Ampidiro ao ihany koa ireo fahatsiarovana ratsy niainanao.*

- Fanentanana sy ny fampahafantarana ny vahoaka ny amin'ny voka-dratsy ateraky ny Heritsetra sy ny voka-tsoa azo avy amin'ny alalan'ny fandraisan'anjaran'ny lahy sy ny vavy miaraka mba hitondra filaminana sy fampandrosoana
- Fampianarana ireo olona feno 15 taona no miakatra mamaky teny sy manoratra ary mikajy.
- Fampianarana momba ny fitantanana tsotsotra(Comptabilité Simplifié).
- Fampiofanana mahakasika ny resaka fanaova ny teknika manara-penitra/nohatsaraina(fambolena,fiompiana).
- Fampiofanana ireo fikambanana mahakasika ny fanamafisana ny fahaiza-manao,Fitondrana tsara tantanana(Bonne gouvernance),Fahaiza-mitarika(leadership),fiainam-pikambanana(Vie associative),fandravonana disadisa(Gestion de conflit) ary ny tombotsoa azo avy amin'ny miralenta.
- Fampiofanana mahakasika ny Haivarotra sy ny fandrafetana Drafy-pihariahana (Agri- Business).
- Fametrana ny Sosialy sy ny Tahiry lombonana eo anivon'ny Fiaraha-monina.
- Fananganana ara-panjakana ireo fikambanana izay mila izany mba hanamora ny fampaharetana (pérennisation)
- Nampifandray ireo fikambanana tamin'ny tambazotra samihafa.
- Fandravonana ny resaka disadisam-piaraha-monina amin'ny tsy fitoviana tombotsoa iraisana.
- Fanentanana ireo renim-pianakaviana sy ny vehivavy bevohoka hanatona tobim-pahasalamana.
- Fametrana paik'ady fampaharetana ny asa hatao mba handeha tsy ho voizina intsony.
- Fanaovana vangivangy araha-dinika sy fampahatongavan-tsaina tamin'ny alalan'ny fanaovana sondage mahakasika ireo vehivavy tokony omena anjara lova.
- Fanaraha-maso sy tomban'ezaka.

VOKATRA AZO (2018-2019)

- Nahay mamaky teny sy nanoratra ary mikajy :Lahy:50---Vavy:100 (2018) , Lahy:30---Vavy:70 (2019)
- Fikambanana nanao sosialy sy tahiry ifampindramana : 06 (2018) , 04 (2019)
- Fikambanana nandrafitra ny drafy-pihariahana (business plan en agriculture) :06 (2018) , 04 (2019)
- Ireo voaentana tamin'ny fanaovana vangivangy arahana dinika mahakasika ny voka-dratsy aterakan'ny heritsetra
sy ny tsindry hazo lena izay mianjady amin'ny tokantrano ary ny miralenta sy ny fampandrosoana:2460 (2018) ,
2000 (2019)
- Ireo vehivavy lasa filoha sy mpanetsiketsika ny fikambanana fampandrosoana : 4/6 (2018), 3/4 (2019)
- Ireo vehivavy mila hevitra manantona eny amin'ny tombim-pahasalamana : 400 (2018), 200 (2019)
- Ireo nanantona ny biraon'ny kaominina tamin'ny fikarakarana kopia sy kara-panondro: 200 (2018), 100 (2019)
- Ireo olona resy lahatra tamin'ny fanaovana sondage mahakasiaka ny fahazahoan'ny vehivavy mandova: 30
(2018) , 50 (2019)

22. Ireo fanamby (300 words)

Inona avy ireo olana nosedraina tamin'ny fanatanterahana ny asa miompana amin'ny miralenta teo anivon'ny fikambanana?

IREO FANAMBY

- Nametraka fanamby sy fitoviana eo amin'ny lahy sy vavy mba tsy hisian'ny mizana mitanila eny anivon'ny fiaraha-monina ny tontolo Ambanivohitra ary nampiditra izany ao anatin'ny drafitr'asa
- Hamongotra sy hanafoana ny tsindry hazo lena
- Fizakan-tenan'ny tokantrano amin'ny lafiny ara-toe-karena mba tsy hisian'ny herisetra.
- Fitantanana mangarahara
- Fiainana milamina lavitran'ny tebiteby.
- Fametrana tetik'asa amin'ny alalan'ny asa fampitomboana ny vola miditra ao anatin'ny fotoana fohy (Activités Generatrices Revenus) sy fandrafetana frafi-pihariana (business plan), mba ho tokantrano lavitry ny korontana satria mantsy rehefa misy ny fidiram-bola dia mifanaran-tsaina tsara ny ao antokantrano ary tena afaka mifanampy ny mpivady tsy ny mpianakavy ka ho foana hoazy ny heritsetra ka lasa toka-trano milamina lavitry ny tebiteby
- Fampianarana mamaky teny tsy manoratra ary mikajy ireo olon-dehibe ireo mba hisian'ny mizana mitovy eo amin'ny lahy sy ny vavy ao antokantrano sy amin'ny lafin'ny fiaraha-monina, satria ny tsy fahaizana koa dia anisan'ny vato misakana amin'ny fanatanterahana ity miralenta sy ny fampandrosoana ity aty amin'ny tontolo ambanivohitra.
- Fahasalaman'ny Reny sy ny Zaza.

OLANA NOSEDRAINA TAMIN'NY FANATANREHANA NY ASA

- Fahtsarotan'ny lalana satria dia mandeha ambonin'ny rano vao tonga amin'ilay toerana
- Tsy mba fananana moyen afahana mivezivezy manatanteraka ny asa
- Tsy fisian'ny teti-bola afahana manatanteraka tsara ny asa mahakasika ny resaka miralenta fotsiny.
- Somary sarotra mandray ihany ny olona hitondrana fanovana ety ambanivohitra noho ny fasahiranana mahazo azy ireo ka tsy mba manana faharetana.

Vokatra azo

23. Fiovana eo amin'ny tena manokana (Teny miisa 100)

Nanova ny fiainanao ve ny fanatanterahana ny asa? Raha eny, inona avy no nahatonga izany fiovana izany? Inona/lza avy ireo hafa nanampy anao tamin'izany?

Nasian'ny fiaraha-monina lanja ny tenako ary lasa tena anisan'ny asa mivelomako. Tena lasa nampiova ahy sy ny toetrako sy ny fahaiza-manaoko tanteraka koa ilay fanatanterahako ny asako toy ny : fananana fomba fijery lavitra, fananana vina, fahaizana mandray andraikitra, fananana fahaiza-mihaino, fananana fahatokisana, fananana toe-tsaina mirona amin'ny fahombiazana, fahaizana mifantoka amin'ny zavatra atao, faminavinanina mialoha ny zavatra hitranga, tsy mba miandry baiko fa tonga dia manatanteraka ny zavatra atao, mandray asa an-tsitrapo tsy miandry baiko, tia fifandraisana, tia mifanakalo hevitra ary ny fahafantarana ny manahirana ny hafa sy ny tsirairay.

Nanampy ahy tamin'izany dia ireo fikambanana tsy miankina toy ny (PNUD, CRS, FFF Malagasy Mahomby) sy ny fifampizarana traik'efa maro be izay nataoko (visites échanges).

24. Porofon'nyfiovana eo amin'ny tena manokana

Manomeza porofo avy amin'olon-kafa iray farafahakeliny, entinao manamarina izany fiovana nisy teo aminao izany. Aza adino ny mametraka ny anarana sy fanampiny, ny andraikitra raha azo atao.

- I Ramatoa Esther dia olona tena sahirana ara-pivelomana.Nomeko fiofanana momban'ny drafi-pihariany izy ary tonga dia novatsiako vola avy hatrany 60.000 Ar ilay tetik'asany(business legume eny antsena).Ary nasaiko nanokatra kaonty tamin'ireny Institut Micro Finance ireny mba hanamora ny fidramany vola maromaro rehefa te hanitatra ny fitadiavam-bolany izy.Amin'izao fotoana izao io madama io dia efa lasa lavitra satria raha mihodikodina eo antsena izy nampiasa ilay vola tamin'ny voalohany,dia amin'izao izy efa mandeha mitety tsena maka vokatra any ifotony.Vokat'izany dia lasa nanome hasina ahy ny namany sy ny fianakavian'io madama io.

25. Fiovana eo amin'ny fiainan-tokantrano

Tantarao fohifohy ny fiantraikan'ny fiovana nisy teo aminao tamin'ny fifandraisanao amin'ireo olona akaiky anao sy ny fianakavianao.

-To teny ao anatin'ny fianakaviana ny tenako,ary rehefa misy raharaha dinihan'ny mpianakavy dia matetika tsy maintsy eo ny tenako vao misy drafitra mati-paika tapaka.

-Ten lasa havanana amin'ny fandravonana disadisam-pianakavy sy ny olona ara-tokantranon'ny mpivady.

-Anisany tena nanamarika ahy koa tao anatin'ny fianakaviana dia ny nanentanako an'izy ireo momba ny fanaovana tahiry ifampindramana anatin'ny mba hanamora sy hiatrehana ny fahasatotana amin'ny ara-bola raha misy ilana izany ary dia efa maro ireo mpianakavy sy mpiara-monina manodidina no efa manao azy io.

-Natoroko ny fanambadiako mihintsy ny taratasy fifanarahany sy ny mpampiasa izay ahitana ny sora-bola karama.

26. Porofon'nyfiovana eo amin'ny fiainan-tokantrano (teny miisa 100)

Manomeza porofo avy amin'ny olona iray farafahakeliny hanamarinana izany fiovana nisy teo amin'ny fiainan-tokantranonao izany. Aza adino ny mametraka ny anarana sy fanampiny, ny andraikitra raha azo atao.

Nisy fotoana dia niady ary efa nifampizara entana tsikelikely ilay namako izay antsoina hoe « Sitrakiniaina » izay tokantrano tena sahirankirana.Tsy mba nampilaza tamiko moa io namako io fa olona mpiara-monina teny akaikiny no nilaza tamiko.Teo noho eo ny tenako raha vao nahavoaray ilay vaovao,tonga dia nandray fanapahan-kevitra avy hatrany nandeha tany amin'izy mivady,nandravona ilay disadisa.Rehefa natao ny famotopotorana dia hita fa vokatra ny tsy fisiana no nahatonga ilay olona.Niangavy an'ilay namako izay antsoina hoe RASOANJANAHARY Jacqueline ny tenako mba hanome asa ho azy.Noraisiny ho mpiambina sy mpikarakara ny zaridainan'io madama io izy mivady ka nandray vola teo amin'ny 140.000Ar.

27. Fiovana teo anivon'ny rafitra (Teny miisa 200)

Hazavao hoe nitondra fanovana tsara teo amin'ny rafitra misy anao ve ilay fiovana nentinao. Inona no zava-baovao nentinao tanatin'ny rafitra ho fanatrarana ireo tanjon'ny miralenta 2015.

Raha mahakasika ny toeram-piasako indray dia lasa manao fivoriana isan-kerinandro(staff Meteeng) izahay mba afahana mijery ny fandrosoan'ny asa sy ny lesoka tokony harenina raha sendra misy.

Raha teo amin'ny fikambanana izay notarihaiko kosa dia lasa matianina tamin'ny resaka famolavolana drafitr'asa sy fandravonana disadisa ary lasa nazoto nampiasa telefonina fifandraisana ny ankamaroan'ny mpikambana izay notarihiko.

Anisany tena nampahazo vahana ny fampianarana olon-dehibe tao amin'ilay toeram-piasako ny tenako,eny fa na dia efa tsy niasa tao amin'izy ireo intsony aza aho dia lasa ampianarin'izy ireo mamaky teny tsy manoratra ary mikajy ireo vondron'olona ifotony ary miara-miasa amin'ny partenaire hafa izy ireo no nanatanteraka ny fampianarana.Izany dia noho ny finiavana sy ny fanambarako tamin'izy ireo hoe:Tena mbola ho sarotra ny fampandrosoana izay hatao raha mbola tsy mahay mamaky teny sy manoratra ary mikajy ireo vondron'olona aty ifotony raha hametraka fampandrosoana ety ambanivohitra izany.

28. Porofon'ny fiovana anivon'ny rafitra misy

Manomeza porofo mivaingana toy ny ohatra na fehezanteny manaporofa avy amin'ny olon-kafa. Aza adino ny mametraka ny anarana sy fanampiny, ny andraikitra raha toa ka azo atao. .

Tamin'ny taona 2006 dia niasa tao Mananjary tao amin'ny BDEM/CRS ny tenako ka Andriamatoa RAKOTONDRAMANANA Hery Mamy Alain no mpandrindra ny tetik'asa tamin'izany. Tekinisia nina ny toerana nisy ahy. Rehefa nitondra indray i Herman Ramiamanana Coordonateur de programme BDEM/CRS ny taona 2009 dia lasa Assistant ary chef de zone tany amin'ilay faritra niasako indray ny tenako. Ny 2013 dia nataon'ny CRS (Catholique Relief Service) Assistant Socio organisateur indray ny tenako. Marihiko etoana fa ny fahaizana manao sy ny traik'efa maro izay ananako ary ny fanatsarako ny fomba fiasako na dia tsy ao anatin'ny therme de reference izay hitan'izy ireo fa tena nafahana nametraka ny resaka miralenta teo amin'ny sehatry ny fampandrosoana no tena nampalaza ahy tamin'ny fanatanterahako ny asako satia dia saika fikambanam-behivavy avokoa no voatariko ary nahagaga ireo vahiny mitsidika mihintsy ilay fahaizana manaoko tamin'ny fitrihana ireo fokolonona. Ny Janviera 2019 dia niantso ahy io andriamatoa Herman Ramiamanana io fa misy fanadihadiana hatao mahakasika ny olana tsy mampandroso ny vahoaka eny ambanivohitra tany amin'ny faritra Vatovavy Fitovinany ary tena mifantoka amin'ny resaka miralenta ilay izy, ka ny hafatra napetrany tamiko dia hoe : « Matoky ny fanadihadiana ataonao izahay Papa Jola fa tena voafehinao io fanadihadiana io ».

29. Fanovana tamin'ny sehatra ara-politika I (teny miisa 200)

Hazavao hoe nahavita nanova zavatra teo amin'ny lafiny ara-politika ve ny miralenta (na teo anivon'ny fikambanana, na teo amin'ny sehatra nasionaly/ rejionaly/ iraisam-pirenena).

- Teo amin'ny lafiny fikambanana indray dia saika vehivavy daholo no mpitarika ny fikambanana ary ny anankiray tamin'ireo vehivavy ireo aza dia lasa filohan'ny fokontany ao IRONDRO district Manajary sady tena lasa mpitarika mahafatra-po mihintsy, izay antsoina amin'ny anarana hoe Madame Jeanne.
- Tamin'ny fifidianana filoha-pirenena farany teo iny ny tenako dia nanao mpanara-maso mahakasika ny zon'olombelona (observateur droits Humains) tao amin'ny fokontany Ampitankely Fianarantsoa. Marihiko etoana fa asa antsitra-po no nataoko taminio fotoana io.
- Maro koa ireo vahoaka fa indrindra ireo renim-pianakaviana sy ny tanora feno 18 taona no nikarakara ny karadava na ny kara-panondro teo anivon'ny kaominina.

30. Porofon'ny fanovana teo amin'ny sehatra politika

Manomeza porofo mivaingana toy ny ohatra na fijoroana vavolombelona avy amin'olon-kafa. Aza adino ny mametraka ny anarana sy fanampiny, ny andraikitra raha azo atao..

- Nisy Fotoana ny ben'ny Tanana tao Lazarivo district Betioky Sud, Andriamatoa Ralifotsy Laurent no nisaotra ahy tamin'ny nanetanako ireo mpikambana notarihiko izay tsy nanana kopia sy kara-panondro, mba hikarakara izany.
- Nisaotra ahy koa i Madame Jeanne Filoham-pokontany tao IRONDRO fa noho ny fanamafisako ny fahaizana manaony tao anatin'ilay fikambanana no anisany nasahiany nilatsaka nanao filoham-pokontany.
- Tamin'ny fifidianana filoha-pirenena fihodinana voalohany farany 07 Novambra 2018 teo, dia nisaotra sy nankatsitraka ahy ny mpitondra tao amin'ny fokontany izay nipetraha, tamin'ny fomba sy paik'ady izay nampiasaina ny megaphone, nentina hanairana ireo olona hanefa ny adidiny tamin'ny andron'ny fifidianana iny ary lasa nataon'izy ireo lay izy tamin'ny fihodinana faharoa.
- Ny ankamaroan'ireo fikambanana izay notarihiko dia miara-miasa amin'ireny mpiara-miobon'antoka ireny daholo ny ankamaroany (PROSPERER, SAFF FJKM, CSA..Sns..).

31. Fanamafisana fahaiza-manao (teny miisa 200)

Manomeza drafitra tsotsotra amin'ny asa na fanofanana notanterahanao nentina hampitomboana ny traik'efa hafa.

- Fametrahana ny paik'ady fampaharetana(Mise en place des principes de pérennisations.)
- Traik'efa momban'ny hetsika tsotra nefa azo tanterahina(Petite Action Faisable Importante).
- Formation Aproche Genre intégré aux activités pour le Developpement.
- Formation leadership
- Formation capture des Bonne pratique, Innovation et Leçon apprise des activités des développements (Intervention au Niveau des Bénéficiaires cible)
- Formation en animateur de sites d'alphabétisation
- Formation sur l'approche genre intégré aux activités
- Formation en IEC (Information-Education-Communication) / CCC (Communication pour le changement des comportements) porte-porte ou VAD, Sensibilisation des mass et CIP
- Formation en éducateur de santé Projet « KAOMININA MENDRIKA SALAMA
- Formation WASH sur l'approche PHAST
- Formation PDF (Plan de Développement Fokontany)
- Formation Marketing (Elaboration Business Plan)
- Formation VSL (Village Saving and Loans ou Associations Villageois d'Epargne et de Crédit interne.)

32. Lesona notsoahana sy fizarana (Teny miisa 200)

Inona avy ireo lesona azo notsoahana tamin'ireo dingana rehetra narahana amin'ny fanatanterahana ny asa?

- Efa manomboka hirahirain'ireo vahoaka any ambany ravi-maintso any ny miralenta satria efa manomboka mazava tsara amin'izy ireo ny tena politikan'izany paik'ady mahakasika an'izany resaka miralenta sy ny fampandrosoana izany.
- Efa manomboka sahy mandraikitra sy omen'ireo fiaraha-monina hasina ny vehivavy aty amin'ny tontolo ambanivohitra
- Efa manomboka sahy miditra birao-panjakana ny vahoaka.
- Ny tena paik'adytsara rehefa mivoy an'ity miralenta sy ny fampandrosoana ity dia paik'ady fampandraisan'anjara ny rehetra no tena mahomby ampiasaina(Approche participative).
- Ny mpanentana na mpikatroka momban'ny miralenta sy ny fampandrosoana dia mila mahavoafehy tsara an'ilay paik'ady(approche) ny miralenta ary resy lahatra amin'izany vao afaka hitarika ny olona mahakasika izany.

33. Dingana manaraka (200 words)

Inona avy ireo drafitrasy ho ataonao manaraka ary ahoana ny fomba anatanterahinao izany? Teny famintinana.

- Fanaganana drafitr'asa manokana sy fitadiavana famatsia-bola sy mpiara-miombon'antoka ho an'ny miralenta sy ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra.
- Fampiofanana sy fanamafisana ny fahaiza-manao amin'ny alalan'ny Fitantanana,fahasalamana,famahana disadisa,fampianarana,fampiasana ny teknolojia vaovao,famolavolana drafitr'asa,fiatrehina sy fisoroana ny fiovaovan'ny toetr'andro...sns...
- Fametrahana drafitra maty paika momban'ny fampaharetana an'ilay tetik'asa(Principe de perenisation).

TENY FAMARANANA:Anisany tena nahafahako nivoy sy nanatanteraka ity miralenta sy ny fampandrosoana ity bebe kokoa tamin'ny fanatsarana ny asa fanentanana sy fitarihana izay nataoko,na dia teo aza ny toetra mahapitarika ahy sy ny fahaiza-manao ary ny traik'efa maro ananako mahakasika ny asa fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra dia anisany nanome lanja bebe kokoa ny fandraisako anjara tamin'ny fifaninanana izay nataon'ny Gender Link's tamin'ny fanatrarana ny fenitry ny SADC.Izay nafahako nandray anjara,dia tena lasa nampalaza ahy sy nahafaly ireo toera-piasako mihintsy ilay izy satria isaky ny avy manatanteraka sommet ny tenako dia manao tatitra sy mifampizara amin'izy ireo mahakasika ny lesona azo notsoahina tamin'ny alalan'ny fanehoana,fifanakalozana sy fifampizarana(capture des bonnes pratiques,lecons apprise et innovation.),ka lasa anisany tena nampiroborobo sy nahafantaran'olona ny tetik'asa izay nataoko momban'ity miralenta sy ny fampandrosoana izany.

POROFO

Marihina fa tsy tokony hihoatra ny 50 MB ny lanjan'ny porofo tsirairay ampidirina.

34. Ampidiro eto ireo porofo hanohanan-kevitra, toy ny lahatsoratra an-gazety, vaovao, politika sy porofo mivaingana hafa (Lahatsoratra, Mailaka), izay rehetra manamarina ireo asa vitanao mikasika ny fitoviana eo amin'ny lahy sy ny vavy ho fampiharana ny miralenta. Ireo mpandraharaha vao misondrotra dia tokony hampiaraka ny drafy-pandraharahany sy ireo soso-kevitra nomen'ny mpanofana azy.

Tsy tokony hihoatra ny totalin'ny porofo ampidirina. Afaka mampiditra dosie hatramin'ny 10 ianao.

[Certificat de Merite.pdf](#)

[Certificat de travail 4.pdf](#)

[Certificat de travail.pdf](#)

[Certificat de travail 3.pdf](#)

[CIMG0540.JPG](#)

[IMG 20190125 114323.jpg](#)

[IMG 20190524 161251.jpg](#)

[IMG 20190524 155239.jpg](#)

[IMG 20190524 162553.jpg](#)

[IMG 20190524 155306.jpg](#)

35. Tianay ny hitahiry hoe karazana fanovanamikasika ny tenatsara manao ahoana no nihatra taminao. Asio tondro hoe iza amin'ireto no nitombo na nandraisanao anjara. Izay tena zava-dehibe ihany no safidio. Tokony hifandraika hatrany amin'ny fandraisanao anjara etsy ambony izany.

Fiovan'ny toe-tsaina

Fahaiza-manao

Lafiny fandraisam-pitenenana

Fitarihana

36. Karazana fiovana toe-tsainamendrika manao ahoana no nihatra taminao.

Fiovan'ny toe-tsaina manoloana ny miralenta

Fahafantarana ireo zo

Fahafantarana ireo fenitry ny SADC momba ny Miralenta sy ny fampandrosoana

37. Karazana fanovana amin'ny lafiny fahaiza-manao mahomby toy ny ahoana no anananao.

Fahaizana mamaha ny olana

Fahaizana teknolojia

Fahaizana miserasera amin'ny teknolojia

Fahaiza-manao amin'ny resaka famolavolana drafitrasa

Fahaizana mandresy lahatra sy misolo vava

38. Karazana fiovana teo amin'ny lafiny fandraisam-pitenenana tsaratoy ny ahoana no anananao.

Fandraisam-pitenenana imasom-bahoaka

Fahaiza-manao ara-tambazotra

39. Karazana fiovana eo amin'ny fahaiza-mitantana tsaratoa inona no anananao.

Fandraisana fanapahan-kevitra tsy miandry olon-kafa
Fanarahan-dia nataon'ny hafa, fanovana azy ireo
Fitarihana, fanovana ara-politika sy fandraisan'anjara

40. Tianay ny hitahiry hoe karazana fanovana anivon'ny tokantrano tsaramanao ahoana no nihatra taminao. Asio tondro hoe iza amin'ireto no nitombo na nandraisanao anjara. Izay tena zava-dehibe ihany no safidio. Tokony hifandraika hatrany amin'ny fandraisanao anjara etsy ambony izany.

Fiovana eo amin'ny fiainam-pianakaviana
Fifanakalozana, fonenana, fahazarana

41. Tianay ny hitahiry hoe karazana fanovana tsara eo anivon'ny fiaraha-monina tsara manao ahoana no niantseheranao. Asio tondro hoe iza amin'ireto no nitombo na nandraisanao anjara. Izay tena zava-dehibe ihany no safidio. Tokony hifandraika hatrany amin'ny fandraisanao anjara etsy ambony izany.

Fandraisana anjara amin'ny fampandrosoana: Nandray anjara tamin'ny tetikasa na fandraisana andraikitra amina tranga tsy noraisina teo aloha

Fitondrana fanovana

Sehatra politika: Fanampiana ho fanomezana antoka ireo politika momba ny miralenta mba ho ankatoavin' ny Fanjakana

Fandraisana fanapahan-kevitra: Fampiroboroboana ny hetsika 50/50

Fandraisana anjaran'ny besinimaro: Ny vehivavy sy ny lehilahy dia mandray anjara mitovy amin'ny fizotry ny fandraisan'anjara mahakasika ny fikambanana.

Tolotrana: Ny vehivavy sy ny lehilahy dia nampaherezina ny handray ireo toerana tsy mahazatra ary notohanana izy ireo tamin'ny fanaovana izany.

Tolotra: Fitoviana eo amin'ny fandraisana ny vehivavy sy ny lehilahy eo amin'ny fanomezana tolotra.

Fandraisam-pitenenana: Mitovy ny fomba fihainoana ny vavy sy ny lahy rehefa maneho hevitra, hita taratra amin'ny asan'ny fikambanana ny fomba fijery.

Rafi-pitantanana Miralenta: Manampy mba hiantohana famatsiam-bola amin'ireo zava-manahirana momba ny Miralenta.

Rafi-pitantanana Miralenta: Mametraka rafitra Miralenta, drafitra, dingana

42. Karazana fitondrana fiovana mahomby tahaka ny ahoana no nitranga taminao.

Lasa mpampiofana, nanamafy fahaiza-manao

Fiovana teo amin'ny fiainan'ny ankizy

Nitarika hetsika "Ady amin'ny herisetra"/Hetsika 16 andro hiadiana amin'ireo karazana herisetra mihatra amin'ny vehivavy sy ny ankizivavy "16 Days"

Manangana fikambanana sy fiaraha-miasa

43. To post questions on the summit and get regular updates please sign up to our [Community of Practice](#) and go to the forums section.

Did you sign up?

Yes

44. Tianao ve ny hahazo ny dika mitovy amin'ny fampiharana PDF anao?

Eny

45. Ampidiro ny adiresy mailaka tokony alefa any.

MITADIAVANA - raha tsy raisinao ao anatin'ny minitra vitsy monja, dia alefaso azafady ny sora-baventy nalefanao raha misy izany.

jao.lahy@yahoo.fr

Efa manomboka mandefa ny fangatahana ianao. Aoka ho azo antoka fa vonona ny hanao izany ianao alohan'ny handehana. Tsindrio ny bokotra "Back" raha ilaina.

Misaotra anao tamin'ny fandraisana anjara!